

vavolombelona aho fa raha manakaiky ny Mpamony ianareo, ny Sorompanavotany tsy manam-petra dia hanome fahafahana anareo hibebaka sy hiova ary hadio sy handray ny endrinhy hisoritra eo amin'ny tarehinareo. Ny Sorompanavotany dia hanome fahafahana anareo hatanjaka sy hanana fahasahiana rehefa manohy mijoro amin'ny fahamarinana sy manandratra ny fanevan'ny fahamasinana ianareo. Tena sarobidy ianareo. Ianareo no faneva!

Ary noho izany dia faranako amin'ny tenin'ny Tompo ho antsika tsirairay avy, izay zanakavaviny sarobidy ny teniko hoe: "Indro . . . ianao dia vehivavy nofinidy izay efa nantsoiko."¹⁹ "Mandehana amin'ny lalan'ny hatsaran-toetra. . . Hafoizo ny zavat'izao tontolo izao. . . Mifikira amin'ny fanekempihavanana izay efa nataonao . . . Tandremo landava ny didiko, dia handray ny satroboninahitry ny fahamarinana ianao."²⁰ Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'ny Mpamonnjintsika Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo "Young Women Theme," *Young Women Personal Progress* (2009), 3.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:8.
3. Jereo 2 Nefia 25:26.
4. Helamāna 5:12.
5. "Carry On," *Fibirana amin'ny teny anglisy*, faha-255.
6. Josoa 1:9.
7. Josoa 3:5; Jereo koa ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ny hoe "Fahamasinana," *scriptures.lds.org*.
8. Almà 13:3.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:53-54.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:2, 10 sy 13.
12. Jereo Vaughn J. Featherstone, "The King's Son," *New Era*, Nôv. 1975, 35.
13. Ezra Taft Benson, "To the Young Women of the Church," *Ensign*, Nôv 1986, 85.
14. Mpanoratra tsy fantatra anarana; jereo Elaine S. Dalton, "It Shows in Your Face," *Ensign*, Mey 2006, 109.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45-46.
16. Parley P. Pratt *Key to the Science of Theology*, boky nivoaka faha-10 (1965), 101; nampiana fanamafisana.
17. Almà 5:14.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25: 3
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25: 2, 10, 13, 15

Fampisehoana horonan-tsary: Manana Tanjona Aho

Ity manaraka ity dia rakitsoratry ny horonan-tsary nasebo nandritra ny fivoriamben'ny Zatovovavy maneran-tany, izay natao ny 27 Marsa 2010

Filoha Thomas S. Monson: "Averi-ko indray ry zandriko vavy malala isany fa na dia nisy hatrany aza ny fanamby teto amin'izao tontolo izao, ny ankamaroan'ireo izay hatrehanareo dia miavaka ho an'izao fotoana izao."¹

Elaine S. Dalton, filohan'ny

Zatovovavy maneran-tany: "Mba hahatonga sy hampitoetra antsika ho masina dia mila marina amin'ny famantarana masina manokana amin'ny maha-ianao anao ary mametraka fomba fisainana sy fihetsika mifototra amin'ny fitsipi-pitondrantena ambony ianao."²

Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny

Fiadidiana Voalohany: "Mivavaka amin'ny foko manontolo aho mba hitomboan'ny finoanareo fa ianareo dia zanakavavin'ilay Andriamanitra be fitiavana."³

Mary N. Cook, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny Fiadidian'

ny Zatovovavy maneran-tany: "Ianareo, ry zatovovavy malala dia efa nanao safidy tsara maro. Ankehitriny dia mila mametraka ohatra amin'ny fahamasinana ianareo, izay hihazona anareo amin'izao lalana izao mandritra ny fiainanareo manontolo."⁴

Filoha Dieter F. Uchtdorf,

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny



Fiadidiana Voalohany: “Ry rahavavy, matokia ary miankina amin’ny Fanahy. Rehefa mandray ireo fahafaha hanao zavatra rehetra misy eo amin’ny fiainanareo andavanandro ianareo ary mamorona zavatra feno fahatsarana sy mitondra fanampiana, dia tsy ny tontolo manodidina anareo ihany no hatsarainareo fa ny tontolo ao anatinareo ihany koa.”⁵

Ann M. Dibb, mpanolotsaina faharoa ao amin’ny Fiadian’ny

Zatovovavy maneran-tany: “Ireo zavatra kely sy tsotra izay safidianareo ho atao anio dia ho ampitomboina ho lasa fitahiana lehibe sy be voninahitra rhampitso.”⁶

Elaine S. Dalton, filohan’ny Zatovovavy maneran-tany: “Moa ve

ny zatovovavy marina iray afaka manova izao tontolo izao? Ny valiny dia eny manakoako! . . . Ireo zavatra ataonao isan’andro tsy tapaka no hampatanjaka anao mba hahatongavano ho mpitondra sy ho ohatra—ny vavaka isan’andro, ny fandalinana soratra masina isan’andro, ny fankatoavana isan’andro, ny fanompoana ny hafa isan’andro. Rehefa manao ireo zavatra ireo ianareo, dia hanakaiky ny Mpanony ary dia hitovy bebe kokoa Aminy.”⁷

Filoha Thomas S. Monson: “Ry tanora namako, mahereza. Fantatrareo izay tsara sy izay ratsy, ary tsy misy fanaingoana, na dia manintona toy ny ahoana aza, afaka manova izany [fahamarinana] izany. Raha ireo izay antsoina hoe namanareo no mamporisika anareo hanao na inona na inona zavatra fantatrareo fa ratsy, aoka ianareo no ireo izay hijoro ho an’ny tsara, eny na dia ho irery aza ianareo.”⁸ ■

FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “May You Have Courage,” *Liabona*, May 2009, 127.
2. Elaine S. Dalton, “Come Let Us Go Up to the Mountain of the Lord,” *Liabona*, May 2009, 121.
3. Henry B. Eyring, “Walk in the Light,” *Liabona*, May 2008, 125.
4. Mary N. Cook, “A Virtuous Life—Step by Step,” *Liabona*, May 2009.
5. Dieter F. Uchtdorf, “Happiness, Your Heritage,” *Liabona*, Nov. 2008, 119.
6. Ann M. Dibb, “Be Thou an Example of the Believers,” *Liabona*, May 2009, 116.
7. Elaine S. Dalton, “It Shows in Your Face,” *Liabona*, May 2006, 109.
8. Thomas S. Monson, “Examples of Righteousness,” *Liabona*, May 2008, 65.



Nataon’ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin’ny Fiadidiana Voalohany

Ny Fiainana Feno Fahasambarana Mandrakizay ho Anao

Manolotra anao ny fanomezana lehibe indrindra amin’ny fanomezana rehetra ny Ray any an-danitra dia ny—fiainana mandrakizay—sy ny fabafahana handray fitahiana tsy manam-petra amin’ny “fiainanao amimpahasambarana mandrakizay.”

Ry rahavavikely malalako maneran-tany, feno fankasitrahana aho ary voninahitra ho ahy ny miaraka aminareo eto anio. Tia anareo ny Filoha Thomas S. Monson sy ireo mpitondra rehetra ato am-piangonana. Mivavaka ho anareo izahay ary mi-faly noho ny fahatokianareo.

Nandritra ny taona maro no efa nandrenesako fiteny mahafinaritra maro—izay samy mahavariana sy mahaondriana avy; samy manana ny

hatsarany mampiavaka azy avy. Kanefana dia manana ny fahasamihafany aza ireo fiteny ireo dia matetika misy zavatra iraisany. Ohatra, amin’ny fiteny mafiro isan-karazany dia atao angamba fa samy manana ity andian-teny mahaga-sa sy mirakitra fampanantenana lehibe ity manerana an’izao tontolo izao. Izany teny izany dia ny hoe: “Indray andro hono.”

Moa ve tsy teny mahatalanjona izany hanombohana tantara iray? Mampanantena zavatra ny “Indray andro hono”: tantara iray mampitebiteby sy tantaram-pitiaviana, tantaran’ny zanakavavy sy zanakalahin’ireo Mpanjaka. Mety ahitana tantara feno herimpo, sy fanantenana ary fitiaviana maharitra mandrakizay izany. Amin’ny ankamaroan’ireo tantara ireo dia ny tsara fanahy mandresy ny ratsy toetra ary ny tsara mandresy ny ratsy. Fa ny tena tiako indrindra angamba, dia re-hefa mamadika ny pejy farany isika ka miantea any amin’ilay teny famarana-na ny masontsika, ary mahita ilay teny

